# 04 NOVAMBRA 2019 – 10 NOVAMBRA 2019

***Ary hahafantaranareo ny hery lehibe sy mihoa-pampana tokoa izay anasoavany antsika mpino, araka ny fiàsany tsy hay tohaina sy mahery vaika. (*Efe 1.19)**

**Hery lehibe sy mihoa-pampana**

Izany no filazan'ny Soratra Masina ny herin'Andriamanitra :

Hery lehibe sy mihoa-pampana,

Ny fiasany tsy hay tohaina,

Ny fiasany mahery vaika.

Hery tsy manam-paharoa izany !

Fa izao no vaovao mahafaly :

« **ANASOAVANY** » anao izany hery izany.

Koa mianara mivavaka :

*« Ray malala ô, asoavy amin'ny herinao aho,*

*Araka ny teninao,*

*Amin'ny anaran'i Jesoa, Amen* ! »